13

# NY FANAMBADIANA

## LOHAHEVITRA

- Mamantatra ny fanambadiana malagasy sy ny dingana arahina amin'ny fatoram-panambadiana

## LESONA HO TADIDINA

NY FANAMBADIANA

Lava ny resaka momba ny torotoro ravina teo aloha teo satria sarobidy sy saro-pady tamin'ny Ntaolo ny fanambadiana, nefa hoy ny Ntaolo hoe « Aleo lava dinika satria izay lava dinika, hono, lava rariny , ary ny hanongotsongoana ny maty dia satria atahorana ny hanirim-belona »

Ny fanambadiana mantsy tsy mba toy ny torimason'akoho ka ho vitan'anjona (teny iray tarika amin'ny hoe mianjonanjona), na toy ny torimasom-baviantitra ka vita eny ampitsongoana anana, na sakafom-boay ka vita teli-moka (voatelina tsy mila tsakoina). Fa lamban'akoho ka faty no isarahana. Taon-jezika an-kady (fitaomana no lazaina eto fa tsy taona toy ny hoe 2008 akory) ka ny masoandro maty no mampalahelo. Ary torimason'ny jamba ka aina no fetra.
Amin'ny fanambadiana dia aleo tsy manana toy izay manan-dratsy. Aleo aza misonenika an-toerana, toy izay mitsangan-tsy mahay.

Koa rehefa mafy àry ny fototra, tsara ny fifanaràhana eo amin'ny roa tonta, izay vao tena vita ny ataontsika hoe torotoro ravina. Aorian'izany vao atolotra ny fehin'ny fanambadiana na ny orimbaton'ny fanambadiana, na ny fanorenam-panambadiana, dia ny VODIONDRY izany.

## 1- FAMARITANA

Ny fanambadiana dia fitambarana na fifaneken'ny olona roa lahy sy vavy fa hikambana ary hanorina tokantrano vaovao. Amin'ny malagasy dia tsy nanan-tsafidy loatra ny tanora amin'izay ho vadiny, fa niankina be dia be tamin'ny ray aman-dreny sy ny fianakaviana izany.

« Ny ray aman-dreny tsy manolo-bato mafana ny zanaka ». Amin'ny fanambadiana malagasy dia ny vodiondry izay fanajana ny ray aman-drenin-drazazavavy no fatoram-panambadiana.

## 2- DINGANA AMIN'NY FANAMBADIANA Malagasy

- Ireo dingana arahana amin'ny fanambadiana

Ny dingana voalohany tsy maintsy atao rehefa nifanapatapak'ahitra ny ray aman-dreny sy ny olona lahy sy vavy fa tena hiroso amin'ny fanambadiana, dia « ny fisehoana sy ny fiantranoana »

- Fisehoana :

Aorian'ny fanapahan-kevitra ataon'ny ray aman-dreny sy ny zazalahy sy zatovovavy, rehefa nifampizaha toetra nandritra ny fotoana maharitraritra ihany dia mifanaiky izy roaroa fa haseho eo anatrehan'ireo Ray aman-dRenin'ilay zatovovavy ilay zatovolahy sy ny fianakaviany akaiky (ray aman-dreny, mpiray tampo) mikasa haka azy ho vady.

- Ny Fangatahana dia fotoana iray hihaonan'ireo solon-tena mahefa avy amin'ny fianakaviana Roa Tonta hanatanterahana ny fangatahana ny tovovavy mba ho tokatranon'ilay tovolahy sy fanaterana ny hajambolana malagasy na ny "Vodiondry"

Rehefa mian-trano any amin'ny fianakavian-dRavehivavy ny andRalehilahy fa hangata-bady dia amin'io fotoana io no anolorana "ny ala-fady" isan-karazany, kanefa izany dia ialohavan'ny kabary ampanambadiana hatrany. Misy kabary ifandimbiasan'ny mpangataka

(solontenan'ny tovolahy) sy ny mpamoaka (solontenan'ny tovovavy) amin'izany.

- Ny vodiondry

Ny vodiondry dia fomba entina hanomezana haja amam-boninahitra ny ray aman-drenin-drazazavavy. Ny tsara sy izay heverina fa men,drika nio atolotra ho vodiondry na hajam-bola.

Ny vodiondry dia fanomezana atolotry ny zazalahy ho an'ireo rafozany. Ankehitriny izy io dia nosoloina ho vola ka nantsoina hoe « solom-bodiondry » ( marihina fa ny faritra sy ny foko eto madagasikara dia samy manana ny fiantsoany ny vodiondry)

Ireo sombiny amin'ny karazana vola atolotra ao anatin'ny fanateram-bodiondry:

1. Dombaravarana sy vakilela,
2. Solon-tsakarano,
3. Solo vaky kitay,
4. Hasim-boarin-jaza niaraha-nihinana,
5. Tapimason'anadahy,
6. Vodiondry ho an'ny raiamandrenin-dRavehivavy,
7. Ala volo fotsy.

### 3- KARAZANA FIANTSOANA NY VADY

Araky ny fomba Malagasy fahiny dia azo atao tsara ny nanana vady maro tamin'ny andron'ny Ntaolo.

Ka ireto avy ny anarana fiantso ny vady tamin'izany:

- Vady afaka: vehivavy afaka tsy ho vady raha tsy manaraka ny fepetra nifanarahana ny lahy.

- Vady ahantona: vady noroahina fotsiny fa mbola tsy nisaorana, izany hoe mbola tsy nisarahana ara-dalàna

- Vady amboarina: enti-milaza ny zanak'olo-mpirahalahy na havana akaiky ampifanambadiana, na tsy satriny aza, mba tsy hivoaka ny harena

- Vady an'efitra, Vady an-tsiraka: tokatrano-na lehilahy mandranto any anindrana (Ohatra: manao «iraka» any amin'ny faritra ilay lehilahy dia maka vady an-tsiraka izy mandra-paha hodiny any amin'ny vadibeny)

- Vady be: vady voalohany amin'ireo vadin'ny lehilahy mampirafy

- Vady an-tery: lehilahy na vehivavy terena hanambady olona tsy sitrany

- Vady enti-mila: Vady atao filan-tsy mahita fotsiny, izany hoe iaraha-mipetraka fotsiny mandra-pahita hafa.

- Vady entin-doloha: vehivavy alain'ny rahalahim-badiny ho vady raha maty ny vadiny

- Vady fady: olona tsy tokony hivady nefa mivady ihany, toy ny zanak-olo-mpirahavavy

- Vady fofo: vehivavy kasaina ho vady, (Io ilay tena atao hoe: Fofombady)

- Vady fotsinantsy: vady tsy miteraka na momba

- Vady kely: ny vady farany amin'ireo vadin'ny lehilahy mampirafy

- Vady lohamandry: vehivavy efa lehibe angatahin'ny ray aman-dreni-na tovolahy amin'ny ray aman-dreniny ho vadin-janany

- Vady lova: vehivavy alain'ny rahalahim-badiny ho vady raha maty ny

vadiny

- Vady masay: ny vady eo anelanelan'ny vady be sy ny vady kely, na firy na firy, ho an'ny lehilahy mampirafy

- Vady mody: vady tsy atao malaza fa tsorina ny fampiakarana azy

- Vadin'ny marolahy: Vehivavy efa voalaza dieny mialoha fa ho vadin'ny rahalahim-badiny izy raha sendra maty hatrany koa izay manambady azy.

- Vady sengy: vehivavy alaina tovolahy ho vady tsy nandalo teo amin'ny ray aman-dreniny

- Vady tra-drafy: enti-milaza ny vady izay tratran'ny rafi_vaviny ao an-trano nefa mbola tsy voasoratra akory

- Vady tsindrano: vehivavy alain'ny Andriamanjaka na ny zanak'andriana ho vady amin'ireo Tsindranovavy na amin'ny mpanompovaviny

## 4- NY ROHIM-PIHAVANANA

Rehefa misy tanora roa mivady dia miitatra ny fianakaviana. Toy izao no fifampiantsoana amin'izany:

| FIFANDRAISANA | FIANTSOANA |
|---|---|
| Ny ray aman-dreny | Dada sy Neny |
| Ny ray aman-drenin'ny ray aman-dreny | Raibe sy Nenibe Dadabe sy Nenibe |
| Ny ray aman-drenin'ny vady | Rafozana |
| Ny mpiray tampo | Rahalahy/ anadahy Rahavavy/ anabavy |
| Ny mpiray tampo amin'ny ray aman-dreny | Rahalahin-dreny/anadahin-dreny |
| Dadatoa / Dadanaivo/ Dadafara | |
| Rahavavin-dreny/ anabavin-dray | |
| Nenitoa / Neniraivo/ Nenifara | |
| Ny iantsoan'ny ray aman-dreny ny vadin-janany | Vinantolahy Vinantovavy |
| Ny mpiray tampo amin'ny vady | Zaodahy/ valilahy Zaobavy/ ranaotra |

**SAHANASA 1**

1- Inona ny teny mifanohitra amin'ny «Fanambadiana»?

2-Ao amin'ny lahatsoratra eo ambony, inona no fatoram-panambadiana?

3- Inona no atao hoe «torotoro ravina» raha ny voalazan'ny lahatsoratra no jerena?

4- Araka ny hevitrao, inona no hatao hoe «Fanambadiana»?

**SAHANASA 2**

Manan-danja teo amin'ny Malagasy ny fanambadiana, satria sady mampiombona olon-droa mba hanana taranaka, no mampitambatra fianakaviana roa ihany koa. Ny anambadiana ho namana, ny anambadiana hiterahana, ny iterahana ho dimby. Hikarakara amin'ny fahaterana (antitra) ary hamaly babena amin'ny andron'ny fahosana, no ilàna ny taranaka.

Eo amin'ny fisian'ny fahoriana no tena ahitana ny lanjan'ny taranaka. Izay tsy mba manana vady « hanirina » (hanakimpy) ny maso, no mangidy indrindra; izay tsy mba manana zanaka hilanja amin'ny faty dia mampalahelo; izay tsy mba manana havana hidododododo amin'ny fahoriana no tena mafy indrindra.

Koa araka izany, ny fitsinjovana ny andro ho avy no tena anaovana ny fanambadiana, satria samy ho faty ny rehetra. Izay maty tsy mba manana taranaka no mihary harena ho an'ny zanak'olona. Izany no ilazana fa manan-danja tokoa ny fihavanana ateraky ny fanambadiana.

**Fanontaniana**

1.Inona no resahana ao amin'io lahatsoratra io.

2.Omeo lohateny ny lahatsoratra.

3.Milaza tombony telo azo avy amin'ny fanambadiana.

4.Ny famorana sy ny fanambadiana dia samy fomba malagasy. Tanisao ao anatin'ny andalana 10 ny dingana amin'ny famorana. Tantarao ny fomba atao amin'ny fanambadiana (andalana 10)